# Ilay Voa Tsara Nafafy 30 Desambra 2018

## 30 **Alahady** desambra

***(Hoy Jesosy :)*** **Ny lanitra sy ny tany ho levona, fa ny teniko tsy mba ho levona.** Lioka 21. 33

**Anio, raha hihaino ny feony ianareo, aza manamafy ny fonareo.** Hebreo 3. 7

### „Eny, avy faingana Aho"

Ao amin'ny bokiny mitondra ny lohateny midika hoe : „Ho avy indray i Kristy, hafatra [maromaro] ho an'ny olona amin'izao vanimpotoana izao", nivoaka tamin'ny taona 1978, dia hoy i Norbert Hugedé, mpampianatra ao amin'ny La Sorbonne, hoe : „Olona jamba no mandà fa efa tonga eo amin'ny faran'ny tantaran'izao tontolo misy antsika izao isika… Na iza na iza ankehitriny miezaka mandinika ny zava-mitranga, dia mahatsapa fa tapi-dalan-kaleha izao tontolo izao, na ara-toekarena, na ara-tsosialy, na ara-pôlitika, eny, fa na ara-pivavahana aza."

Hatramin'ny 1978, na teo aza ny fandrosoana, ny fivoarana, ary ny ezaka ho amin'ny fandriampahalemana, dia olona maro no mitebiteby kokoa hatrany, maminavina ny hoavy, ary manontany tena hoe : „Inona no miandry antsika ?"

Tranga goavana iray mahakasika izao tontolo izao mantsy no efa antomotra. Ho avy indray Jesosy Kristy ! „Ny tenan'ny Tompo no hidina avy any an-danitra … ka izay maty ao amin'i Kristy no hitsangana, aloha ; ary rehefa afaka izany, dia isika izay velona ka mbola mitoetra no hakarina hiaraka aminy ho eny amin'ny rahona, hitsena ny Tompo any amin'ny habakabaka" (1 Tesaloniana 4. 16, 17).

Mety hanaraby ny sasany. „Amin'ny andro farany dia hisy mpaniratsira avy haniratsira, mandeha araka ny filany ka manao hoe : Aiza ny teny fikasana ny amin'ny fiaviany ?" (2 Petera 3. 3, 4). Fitsarana mampivarahontsana anefa no hilatsaka amin'ny olona tsy mpino miaina eto an-tany.

Eo am-piandrasana izany, dia atolotr'Andriamanitra ho an'ny rehetra ny fahasoavany. Jesosy Kristy Zanany no mamonjy izay rehetra mino Azy, ho afaka amin'ny fitsarana. Ny asa nataony no manafaka azy ireo amin'ny fanamelohana, ary mametraka azy ho amina fiarovana mandrakizay. Ho tara loatra, rehefa miverina Izy. Mbola afaka ny ho voavonjy ianao anio !